Raha ny mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana indray dia tsy tratra ny tanjona teo amin'ny fampidirambola noho ny fahakelezan'ny fanafarana entana sy ny vokatry ny asa fihariana miohatra tamin'ny vinavina. Noho izany dia nahena ny hafainganana'ny fizotry ny fandania mba hahafahana miantoka ny fifandanjana eo amin'ny fitantanana ny vola kirakira.

Ny volana janoary ka hatramin'ny avrily 2006 dia nihena 6,3% ny lanjan'ny vola Malagasy raha ampitahaina amin'ny Euro ary 0,9% raha miohatra amin'ny dolara. Izany dia noho ny fahalafosan'ny fanafarana entana sy ny vidin'ny Euro eo amin'ny tsena iraisam-pirenena raha oharina amin'ny dolara.

Vinavina ho an'ny taona 2006

Ny programan'asa ara-toekarena voafaritra ao amin'ny Lalàna fiandohana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2006 dia asiana fanitsiana mba hahafahana miatrika ireo tranangan-javatra miserana ara-toekarena niseho nandritry ny telo volana voalohany.

Nasiam-panitsiana ihany koa ny fitomboan-karena isaky ny sampam-pamokarana. Araka izany, ny fitomboan'ny hari-karena faobe dia hahatratra 4,7% raha novinavinaina ho 5,9% izany tany amin'ny Lalàna fiandohana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana. Ny fanondranana sy fanafarana entana izay heverina hanosika io fitomboan'ny harifaobe io dia vinavinaina hitombo 1,7% sy 0,5% avy. Nahitsy ho 11,3% ny vinavinana'ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana raha 5,3% izany tany am-boalohany.

Mitohy hatrany ny fanatsarana ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ity taona 2006 ity ary hampitomboina ny fahaiza-manao sy ny traikefa efa azo.

Hatao tanjona ny hitanana ny vola miditra avy amin'ny hetra hanodidina ny 1.295,8 miliara Ariary raha 1.335,4 miliara Ariary izany tany ampiandohana. Noho izany dia hahatratra 11,0%-n'ny hari-karena faobe indray ny tahan'ny tsindrin-ketra andrasana raha 11,4% izany tao amin'ny Lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2006.

Ho an'ny fandaniam-bolam-panjakana dia atao mifandraika amin'ny zavamisy ny vinaviana ary am-pifanarahana amin'ny vola mety hiditra amin'ny fanjakana. Noho ireo olana nidona tamin'ny toe-karena tany am-piandohana'ny taona sy ireo hahamehana tsy azo hihodivirana izay tsy maintsy hatrehana'ny governemanta amin'ity taonan-tetibola 2006 ity dia asiam-panovana ny ankamaroan'ny sora-bola tao amin'ny Lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana. Izany fanovana izany dia hitondra amin'ny fifandanjana vaovao eo amin'ny tetibolam-panjakana izay raiketin'ity Lalàna manitsy ny fitantanam-bolampanjakana ity. Araka izany dia hahatratra 2.602,5 miliara Ariary ny fandaniam-bolam-panjakana ny taona 2006 raha novinavinaina ho 2.570,8 miliara Ariary izany tany am-boalohany. Noho izany dia hitentina 624,5 miliara Ariary ny fatiantoka ankapobeny (teo am-panefana) amin'ny teti-bolam-panjakana izay manome 5,3%-n'ny hari-karena faobe raha 572,4 miliara Ariary izany tamin'ny Lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana izay mifandraika amin'ny 4,9%-n'ny hari-karena faobe.

A - NY VOLA MIDITRA :

NY HETRA

Ny vinavinam-pidirambola avy amin'ny hetra anatin'ny nofaritana ho 630,2 miliara Ariary dia nakarina ho 636,2 miliara ariary, hivoitra avy amin'ny fanitsiana notanterahina teo amin'ny Foibem-pitantanana ny hetra mahakasika ny orinasa lehibe.

Ny fepetra ara-ketra dia ahitana ireo fepetra fanitsiana na fanalan-diso (Andininy 03.01.04, 04.01.02, 04.01.10, 06.01.11) sy ireo fepetra manazava ao anaty lalàna ireo fomba fanao ara-panjakana sasantsasany momba ny famerana sy ny famoriana ny hetra (Andininy 01.01.20, 06.02.10, 20.01.49).

NY FADINTSERANANA

Eo amin'ny sehatry ny fampiharana ny paikadiny mandritry ny fotoana fohy sy salasala, dia tsy niato ny sampan-draharahan'ny fadintseranana nanao ezaka mba hiarovana sy hampitomboana ny vola miditra amin'ny fanjakana.

Na izany aza anefa, tamin'ny telo volana voalohan'ny taona 2006, nohon' ny toe-draharaha nisy teto an-toerana dia tsy nahitana vokatry ny fanafarana entana nohon'ny

antony tsy dia miankina loatra taminy, toa ny fanangonana atao tahiry ireo entana tsy nandoavan-ketra nefa misy tatao avo nataon'ireo mpandraharaha sasantsasany tamin'ny taona 2005, ny fitotongan'ny fahefa-mividin' ny mpanjifa sy ny sandan'ny Ariary. Vokatry ireo voalaza ireo dia teo amin'ny 83,9% ihany no tratra tamin'ny vinavinan-ketra noheverina ampidirina ka nahatonga ny Fanjakana nanao fanitsiana ho an'ny telovolana faharoa.

Noho ireo antony voalaza etsy ambony dia noferana ho 659,6 miliara Ariary fa tsy 705,2 miliara Ariary araka izay efa voavinavina ny vola ampidirina ho an'ny taona 2006. Raha atao izany ny salanisa dia nisondrotra 34,3% fa tsy 43,6% ny hetra ampidirin'ny fadin-tseranana amin'ity taona ity raha ampitahaina amin'ny vola niditra tamin'ny taona 2005.

Mba ahatarana io tanjona vaovao io, dia hotohizana hatrany ny fampiharana ireo fepetra efa noraisina ho an'ny taona 2006, ka hamafisina, indrindra ny amin'ny :

- Fanafoanana izay fanafahan-ketra tsy voalaza ao amin'ny lalàna manan-kery nanomboka tamin'ny volana jona ;
- Fanaparahana ny Sydonia ++ any amin'ireo birao lehiben'ny fadintseranana (Mahajanga, Antsirabe, Antsiranana, Toliary sy Taolagnaro) mandritry ny enimbolana faharoa ;
- Fametrahana ny Tradenet any amin'ny faran'ny taona ao amin'ny Toamasina-Seranana, ary
- Fitrandrahana ny logiciel CIVIO hanaraha-maso ny vidin'ireo fiarakodia afarana manomboka amin'ny enimbolana faharoa.

B.- IREO FANDANIANA

Ho an'ny fandanium-bolam-panjakana, ny politika dia miompana amin'ny fombam-pitantanana hentitra mba hanatsarana bebe kokoa ny fanatanterahana ny tetibola amin'ny alàlan'ny fepetra izay ahafahana mifehy tsara ny fandraiketana ny fandania.

Tamin'ny fiandohan'ny taona 2006 dia nisy ireo trangan-javatra nandona ny toe-karena sy ireo hahamehana tsy azo hihodivirana izay tsy voasoratra tao anatin'ny Lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana kanefa tsy maintsy efain'ny governemanta amin'ity taonan-tetibola 2006 ity. Asiam-panovana, araka izany, ny sora-bola voarakitra tao amin'ny Lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ka hanome fifandanjana vaovao izay ho isan'ny vontoatin'ity Lalàna manitsy ny fitantanam-bolam-panjakana ity.

Ny fanovana lehibe ho hita ato anatin'ity Lalàna manitsy ny fitantanam-bolampanjakana ity dia hahakasika ny:

- Fampihenana ny fandania mifandraika amin'ny tsy fahampian'ny vola miditra sy ny tsy ahazoana am-pelatanana ny fanampiana avy amin'ny FAD sy ny Vondrona Eoropeana
- Fametrahana sora-bola ho an'ireo fandania fanampiny izay tsy azo hihodivirana (fanefana ny TVA amin'ireo tetikasa voavatsy vola avy any ivelany, famatsiana ny sehatra nomen-daharam-pahamehana, famatsiana ny fanorenana trano ho an'ny sahirana, famatsiana ho enti-manana ny fifidianana)
- Fampidirana ao anaty teti-bolam-panjakana ireo vola miditra avy amin'ny IADM na Hetsika ho Famafana Trosa Marolafy (Tahirim-bola Iraisam-pirenena, Banky Iraisam-pirenena, Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana) ho famatsiana ireo sehatra sosialy nomen-daharam-pahamehana (Fahasalamana, Fanabeazana).
- Fanaovana tsy maty paik'andro ireo sora-bola avy amin'ny famatsiam-bola izay mitentina 175,3 Miliara Ariary, na amin'ny vola miditra izany na amin'ny vola

mivoaka.

Ny fiantraikan'ireo toe-javatra ireo dia voafintina ao anatin'ny tabilao manaraka etoana:

Miliara Ariary

- Fanitsiana ny fandania hifanaraka amin'ny tanjona ara- toekarena faobe (Fandaminana voalohany)	- 94,2
- Fanampiana ara-tetibola tsy azo am-pelatanana ⁵	- 58,6
- Fandania fanampiny vaovao ⁶	- 60,8
- Vola tsy niditra tamin'ny Fadin-tseranana	- 45,6
- Vola azo avy amin'ny IADM ⁷	+ 73,4
Fitambarany	- 185,8

Ankoatr'izany, misy vola miditra sy fandania fanampiny ho vinavinaina ho an'ireo "Teti-bola Anankina » : Trano Printy Nasionaly (Fiatrehana ny fividianana akora afarana avy any ivelany, sy ny sara - pitaterana ary koa ny hetra amin'ny fadin-tseranana) sy ny Paositra sy Fifandraisan-davitra (fividianana fitaovana, fikojakojana sy fanamboarana trano, fanefana ny trosa tsy voaloha amin'ny TELMA). Ireo fandania ireo dia voasahan'ny vola miditra fanampiny mifandraika amin'izany.

Noho izany, ato anatin' ity Lalàna manitsy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hahatratra 5,3%-n'ny hari-karena faobe ny fatiantoka ankapoben'ny teti-bola raha 4,9%-n'ny hari-karena faobe izany tamin'ny Lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

1.- Ny fandania momba ny fampandehanan-draharaha

Mba hisorohana ny fihoaram-pefy eo amin'ny fanatanterahana ny tetibola ary ho fanohizana hatrany ny fanavaozana, dia ilaina ny fanovàna ireo tanjona voafaritra tamin'ny fandaharana voalaza anatin'ny Lalàna voalohany mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Foanana ny mari-bola izay mitentina 40,66 miliara Ariary ao amin'izao lalàna izao, ho an'ny fandania ho amin'ny fampandehanan-draharaha ivelan'ny karama mba hanatanterahana ity fanamboarana ny vinavina ara-toebola ity.

Na izany aza anefa, dia misy ny fampitomboana izay misongadina indrindran'ny vinavina mitentina 1,750 miliara Ariary ho fanampin' ny fandania entina hiatrehina ny fividianana

2.- Ireo fandania ho fampiasam-bolam-panjakana

Amin'ny ankapobeny, ny fampiasam-bolam-panjakana entina mamokatra dia ahitana fitomboana 110,9 Miliara Ariary (1272,7 Miliara Ariary lasa 1 383,6 Miliara Ariary), izany hoe mitaha 8,7%. Ny famakafakana ireo karazam-pandania dia mampiseho fa :

- ny fandania eo amin'ny loharanom-bola ivelany dia niakatra 19,9% na 175,3 Miliara Ariary vokatry ny fanitsiana ho an'ireo teti-kasan'ny Banky Iraisam-pirenena, ny FIDA, ny BAD ary

⁵ isan'izany (miliara Ariary) : FAD 32,8 ; Vondrona Eropéana 25,8

⁶ isan'izany (miliara Ariary) : TVA 33,8 ; sehatra nomen-daharam-pahamehana 12,0; fanorenana trano mora vidy 10,8 ; fividianana 1,75, RPI/MTPT 2,5

⁷ « Initiative de l'Allègement de la Dette Multilatérale »

ny OPEP

- ny fandanihana eo amin'ny loharanom-bola anatin'ny kosa dia nihena 64,4 Miliara Ariary. Na dia izany aza dia tsy natao ambanin-javatra ny:

* Famatsiana ara-bola ny filàna ara-tataom-bidy, izay mitentina 33,8 Miliara Ariary. Io fanampiana io dia ahafahana mandoa tanteraka ny tatao-ketra (TVA) mifanandrify amin'ny teti-bidin'ny tetik'asa taona 2006 eo an-daniny

* ary eo an-kilany, famatsiana ara-bola ny fandaharan'asa vaovao "Fanorenana trano Mora Vidy" izay mitentina 10,8 Miliara Ariary fandaharan'asa ho entina mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny politika enti-miady amin'ny fahantrana.

Ny fampihenana ny teti-bola dia nahatonga ny fandaminana ny laharam-pahamehana ny fandaharan'asa.

Ny Fitsinjarana sy ny fampitahana ny FFBPF⁸ 2006

Sehatra Vola	Teti-bola Voaloany 2006		Teti-bola-fanitsiana 2006	
	Ivelany	Anatiny	Ivelany	Anatiny
Fotodrafitr'asa	373.814.836	131.440.000	461.989.000	115.214.514
Sosialy	215.404.458	130.602.487	236.616.126	109.999.743
Famokarana	139.241.666	50.938.141	200.375.166	47.657.543
Fitantanan-draharaha	151.239.040	80.000.372	156.019.708	55.689.721
Fitambarany	879.700.000	392.984.000	1.055.000.000	328.561.521

Eo amin'ny Sehatra, dia voahaja ny laharam-pahamehana voafaritra tamin'ny Teti-bolam-panjakana Fototra 2006, izany hoe :

Ny Sehatra « Fotodrafitr'Asa »

Ny Sehatra Fotodrafitr'Asa, dia vatsian'ny 41,7% -n'ny vola natokana ho an'ny FFBPF. Ny fandaharan'asa mifanandrify aminy dia misy tetik'asa miisa 98, izay manamafy hatrany ny fanatsarana ny fahafahan'ny mponina mampiasa ny sampan-draharaha sy ny fotodrafitr'asa, antoky ny fampandrosoana.

Koa amin'izany, dia misy ny sehatr'asa fanokafana sy fanarenana ny fotodrafitr'asa : lalana, seranan-tsambo, seranam-piaramanidina, fampidirana-drano fisotro madio, fampidirana herin'aratra eo amin'ny tontolo ambanivohitra sy ambony vohitra, fitaovam-pifandraisan-davitra ary fanajariana ny tany sy ny tanan-dehibe, izay iarahantsika amin'ny mpamatsy vola maro. Tetik'asa vaovao roa nampidirina : Fanarahamaso ireo tetezana amin'ny lalam-pirenena faha 5 sy faritra SAVA / Fanamboaran-dalana any amin'ny Nosy Bora - sy ny Angovo andian'ny faha roa.

Ny Sehatra "Sosialy":

Ny Sehatra Sosialy dia ahitana ny lamina mikasika ny fanabeazana , ny fahasalamana ary ireo asa misy fihantraikany mivantana amin'ny mponina. Ny 25,1% -n'ny FFBPF dia ahafahana manohy ny asan' ireo tetik'asa 94.

⁸ Fandaharan'asan'ny fampiasam-bolam-panjakana Fanitsiana

Io amin'ny lafiny Fanabeazana dia nohamafisina ireo fandaharan'asa efa noraisina antanana ary izany dia mikasika indrindra ny fanorenana/fanarenana efi-trano fianarana sy fampitaovana azy, fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpiasa ary fananganana toeram-pisakafoanan'ny mpianatra an-tsekoly (Fanabeazana ho an'ny daholobe).

Io amin'ny Sehatry ny Fahasalamana, ny laharam-pahamehana dia mikendry ny fanatsarana ny fanatonana sy ny kalitaon'ny asa ara-pahasalamana amin'ny alàlan'ny fanokafana tobim-pahasalamana fototra vaovao sy fampitaovana ary fampidirana mpiasa vaovao.

Ny fandaharan'asa amin'ny ady atao amin'ny VIH/SIDA sy ady amin'ny raboka dia mbola mijanona ho vaindohan-draharahan'ny Fanjakana.

Ny hetsika izay misy fihantraikany mivantana amin'ny mponina (foto-drafitr'asa ara-tsosialy sy ara-toe-karena) dia ho hamafisina.

Ny Sehatra "Famokarana" :

Ny Sehatra Famokarana dia fitambaran'ny hetsika rehetra mikasika ny fambolena, ny fiompiana, ny jono, ny indostria, ny asa-tanana, ny harena ankibon'ny tany, ny fizahantany ary ny tontolo iainana. 17,9% -n' ny sora-bola ao amin'ny FFBBP no azon'io sehatra io mba hanatanterahana ireo asa avy amin'ny tetik'asa miisa 78.

Tetik'asa vaovao miisa telo (3) mikendry ny fampiroboroboana ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra no voasoratra (Tetik'asa fampandrosoana ny faritra Manombo - Tetik'asa fampandrosoana ny faritra Menabe sy Melaky - Tetik'asa fanampiana ho amin'ny ara-pambolena)

Ny sehatry ny fiompiana dia manohy hatrany ny fanohanana amin'ny famokarana ronono sy hena. Fa io amin'ny lafin'ny jono indray dia nomen-danja ny asa fampandrosoana ny fiompiana an-dranomasina sy ny fanaraha-maso ny asa rehetra mikasika izany.

Ny fampitomboana ny velaran'ny valan-java-boahary arovana, ny ady amin'ny doron'ny ala sy doron'ny tanety ary ny fambolena-kazo dia mijanona ho andraikitra goavana sahanin'ny Ministeran'ny Tontolo iainana, ny Rano sy ny Ala.

Ny Sehatra « Fitantanan-draharaha »

Araka ny laharam-pahamehana io amin'ny Fandaharan'Asan'ny Fampiasam-Bolam-Panjakana Fanitsiana (FFBBP) dia 15,3% no natokana ho an'ny Sehatra Fitantanan-draharaha. Amin'ity Fanitsiana ny Tetim-Bolam-Panjakana ity dia nahena noho izany ny fampiasam-bola amin'io sehatra io mba hanomezana tombon-dahiny ho an'ny sehatra hafa. Izany fihenàna izany dia nahatratra 30,4% -n'ny fampiasam-bola anatin'ny ho an'io sehatra io.

Na izany aza dia mijanona ho 100 ihany ny tetikasa ary nahatratra araka ny hamehana ny asa ho vitaina amin'ity taona ity.

C.- NY TROSAM-PANJAKANA

TROSA IVELANY

Ny trosa ho efa faina taorian'ny "point d'achèvement" dia aseho efa ialan'ny fanalefahana. Ankoatr'izany, tamin'ny alàlan'ny "Initiative de l'allègement de la dette multilatérale (IADM)", ireo mpandraharaha ara-bola iraisam-pirenena, FMI, IDA sy BAD dia nanome an'i Madagasikara fanalefahan-trosa izay mitentina isan'isany 117,4 tapitrisa DTS (361,7 miliara Ariary), 1 036,2 tapitrisa DTS (4 094,5 miliara Ariary) ary 227,4 tapitrisa DTS (712,8 miliara Ariary), izany hoe ny fitambarany dia mitentina 1 381 tapitrisa DTS (5169,1 miliara Ariary).

Araka izany, ny Lalàna fanitsiana 2006 sy ny Lalàna ho an'ny taona manaraka dia

ahitana ny ampahany mifanaraka amin'ny taom-piasana isan-taona azo avy amin'ireo fanlefahantrosa ireo.

Ny renivola sy ny zanabola haverina amin'ity taona 2006 ity, tao aorian'ny fanalefahana sy ny fanafoanana ny trosa, dia mitentina 85,1 miliara Ariary, izay mitsinjara ho 113,5 miliara Ariary ny renivola, 50,6 miliara Ariary ny zanabola ary 79,1 miliara Ariary ny fanalefahana vokatry ny IPPTE.

TROSA ANATINY

Nahitsy ny vinavina momba ny zanabola fandoa amin'ny trosa anatin'ny noho ny fisondrotry ny tahan'ny zanabola amin'ny "Bons du Trésor par Adjudication". Araka izany, hitentina 184,8 miliara Ariary ny zana-bola ho efaina amin'ny trosa anatin'ny taona 2006.

D.- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Ny firaketana farany ny fifampisamboram-bola omena ny JIRAMA avy amin'ny Banky iraisam-pirenena no nitarika ny fampiakarana ho 13,2 miliara Ariary ny sora-bola voarakitra ao amin'ny Kaonty Manokana ny Tahirim-bolam-panjakana.

E.- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Ny vinavinan'ny vola miditra avy amin'ny vola ateraky ny fanomezana sy fanampiana avy any ivelany dia nihena 0,9 miliara Ariary raha oharina amin'ny lalàna voalohany noho ny fiovan'ny tahan'ny fifanakalozana.

F.- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA

Ao amin'ny fanitsiana ny lalàna, ny findraman-bola amin'ny alàlan'ny "Bons du Trésor par Adjudication" dia hahatratra 3 049,8 miliara Ariary, ary ho setrin'izany, ny fanjakana dia hanefa ny trosany mitentina 3 060,5 miliara Ariary.

Mikasika ny fanampiana ara-tetibola avy amin'ny Banky Afrikana momban'ny Fampandrosoana dia fantatra fa, raha oharina amin'ny vinavina natao voalohany, dia ny ampahany izay mitentina 76,8 miliara Ariary no ho azo amin'ity taona 2006 ity. Na izany aza dia ahitana fitomboany kely ny fanampiana ho azo avy amin'ny mpiray antoka avy any ivelany amin'ny alàlan'ny fampindramam-bola hamatsiana tetik'asa, indrindra indrindra ny avy amin'ny Banky iraisam-pirenena izay mahatratra 218 miliara Ariary.

Vokatry ireo, ny fanampiana avy any ivelany azo avy amin'ny alàlan'ny fampindramam-bola dia hitentina 732,8 miliara Ariary ao amin'ny fanitsiana ny lalàna.

Toy izany sy izany no antonanton'izao Volavolan-dalàna izao.

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA - 23/06

DU 17 JUILLET 2006

MOMBA NY LALANA FANITSIANA

NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA

AMIN'NY TAONA 2006

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA - 23/06 TAMIN'NY 17 jolay 2006
MOMBA NY LALANA FANITSIANA NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2006

Nolanian' ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha -
.....? izao Volavolan-dalàna Manaraka izao :

I FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity lalàna fanitsiana ity fa ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2006, dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery.

ANDININY VOALOHANY

Ovàna sy ampiana toy izao manaraka izao ny fepetra ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra :

BOKY I

HETRAM-PANJAKANA

FIZARANA I

HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY

LOHATENY I

HETRA ALAINA AMIN'NY FIKAMBANANA

ZANADOHATENY I

HETRA AMIN'NY TOMBOM-BAROTRY NY FIKAMBANANA

TOKO VII

ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 01.01.20

Ovàna toy izao manaraka izao ny vondron-tarehi-marika" 01.02.24" ho "01.06.02" ao amin'io andininy io

.

LOHATENY II

HETRA AMIN'NY VOLA TSY MANANA ENDRIKA KARAMA MIDITRA

AMIN'NY ISAM-BATAN'OLONA (IRNS)

TOKO IV

FOTOTRA AMERANA NY HETRA

Andininy 01.02.13

Amin' ny faran'io andininy io , ampiana izao fehezan-teny manaraka izao :

"Ireo mpandoa hetra dia tsy maintsy mametraka ny filazana ny vola miditra isan-taona alohan' ny 1 Martsa ."

FIZARANA FAHATELO

HETRA TSY MIVANTANA

LOHATENY VOALOHANY

HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA

TOKO III

FOMBA FAMERANA NY HABA

Andininy 03.01.04

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetry ny a. ao amin'io andininy io :

"a. Ho an'ireo vokatry afarana, ny vidin'entana tonga eo amin'ny fadin-tseranana miampy ny haban-tseranana ."

FIZARANA FAHEFATRA

SARA ALAINA AMIN'NY VOKATRA

TOKO I

SEHATRA AMPIHARANA

SOKAJY I

FOTOTRA

Andininy 04.01.02

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitr'io andininy io:

"Ny sara alaina amin'ny vokatry dia mihatra amin'ny paraky voavoatra, ny afokasoka simika, koba "froment" na "méteil", ny fifandraisana amin'ny alalan'ny finday, fandraisana fandaharana amin'ny fahitalavitra andoavam-bola, ny zava-pisotro misy alikaola afa-tsy ny zava-pisotro misy alikaola sokajy faharoa nentim-paharazana toy ny betsabetsa, trembo, sora, hydromel sy ny siramamy voavoatra eto an-toerana sy nafarana .

SOKAJY III

TAHAN' NY SARA ALAINA AMIN'NY VOKATRA

Andininy 04.01.10

.....

B- Vokatra afarana .

.....

Ao amin'ny 5-, ovàna toy izao manaraka izao ny andian-teny "15 Ariary isaky ny boaty " ho "10%"

FIZARANA FAHENINA

HABA AMIN'NY VOLA MATY

LOHATENY I

HABA AMIN'NY TONGOAM-BIDIN'ENTANA (TVA)

TOKO V

FOTOTRA HAMERANA NY HABA

Andininy 06.01.11

Ovànà toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana faharoa amin'io andininy io:

"Io vidiny io dia mira amin'ny mason-karenan'ny entana, fananana, asa na raharaha ,raha tsy izany, dia amin'ny tena vidiny ho an'ny mpanjifa na ny mpampiasa, mihatra ao amin'ny toerana fanaterana entana.na ny saikin'asa ao anatin'izany ny sara sy ny haba ankoatry ny haba amin'ny tongoam-bidy .

LOHATENY II

HABA AMIN'NY FIFANAKALAZANA (TST)

TOKO VI

FOMBA FAMERANA NY HABA

Andininy 06.02.10

Ovànà toy izao manaraka izao ny fehezan-teny voalohany ao amin'ny andalana fahefatra ao amin'io andininy io:

"Ny olona manao asa-tanana, fambolena na vidy varotra ho fototr'asa ka manana vola maty isan-taona na ao anatin'ny taona iray tsy mihoatra ny Ar 20 000 000 na manao saikin'asa tsy mihoatra ny Ar 10 000 000 dia iharan'ny fitsipika amin'ny rotsa-bola isam-paritra ka ny fomba famerana azy dia voafetra amin'ny alalan'ny fanapahan'ny Ministra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra .

BOKY III

FEPETRA IOMBONANA MIKASIKA NY HETRA, HABA, SARA AMIN'NY VOKATRA VOARAKITRA

AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALàNA ITY

LOHATENY I

FAMORIAN-KETRA

TOKO II

FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPANDRAHARaha MIANDRAIKITRA NY HETRA

SOKAJY VIII

ANDRAIKITRY NY OLON-KAFA

Andininy 20.01.49

Ao amin'ny andalana voalohany ao amin'io andininy io dia soloy ny andian-teny "na tazonina " ho " , tazonina na izay ho tazonina " .

**II. FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY LALANA FANITSIANA NY
FITANTANAM-BOLA AMIN'NY TAONA 2006**

ANDININY FAHA-2

Ny vokatry ny vola miditra azo ampiharina amin'ny Tetibola amin'ny taona 2006 dia vinavinaina ho **2.322.627.500.000 ariary** araka ny tabilao manaraka etoana:

Arivo Ariary

FANONDROANA	SORA-BOLA TANY AM- PIANDOHANA	FANOVANA		SORA-BOLA VAOVAO
		+	-	
1. Fampandehanan-draharaha				
- Vola miditra avy amin'ny hetra	1 335 399 965	6 000 000	45 599 965	1 295 800 000
- Vola miditra ankoatry ny hetra	57 836 792	22 963 208	0	80 800 000
- Fanampiana ara-bola tsy averina	55 600 000	33 100 000	0	88 700 000
- Vola miditra avy amin'ny fisintahan'ny fanjakana	7 900 000	0	2 400 000	5 500 000
- Vola miditra manokana	3 800 000	0	0	3 800 000
- Renivola miditra (IADM - FMI)	0	361 700 000	0	361 700 000
<i>Fitambaran'ny fampandehanan-draharaha</i>	1 460 536 757	423 763 208	47 999 965	1 836 300 000
2. Fampiasam-bola				
- Fanampiana avy any ivelany/PIP	480 000 000	6 327 500	0	486 327 500
<i>Fitambaran'ny fampiasam-bola</i>	480 000 000	6 327 500	0	486 327 500
FITAMBARANY	1 940 536 757	430 090 708	47 999 965	2 322 627 500

Ny antsipirian'ireo fanovàna ireo dia hatovana amin'ity lalàna ity.

ANDININY FAHA-3

Ny farafahabetsaky ny Sorabola anomezan-dàlana, ho an'ny zana-bola amin'ny trosa ivelany, ny Andrim-panjakana, ny ho enti-manana ireo Minisitery, ny fandania iraisan'ireo Minisitery, ny fanomezana ho an'ny Kaominina ary ny Fandania ho amin'ny famokarana (famatsiam-bola anatiny sy ivelany) ao amin'ny Tetibola Ankapobe amin'ny taona 2006 dia mitentina **2.594.566.414.000 ariary**.

ANDININY FAHA-4

Ao anatin'io fetra faratampony io, dia sokafana amin'ny taona 2006 ny sorabola izay ampiharina :

- Hatramin'ny **235.457.000.000 ariary** ho an'ny zana-bolan'ny trosa ivelany
- Hatramin'ny **203.085.296.000 ariary** ho an'ireo Andrim-panjakana isan'anjara raharaha izany hoe :

Arivo Ariary

ANDRIM-PANJAKANA - ANJARA RAHARAHA			SORA-BOLA TANY AM- PIANDOHANA	FANOVANA		SORA-BOLA VAOVAO
				+	-	
01	FIADIDIANA NY REPOBLIKA		65 450 694	29 255 168	14 149 024	80 556 838
	010	Fiadidiana ny Repoblika	64 038 591	29 021 864	13 915 720	79 144 735
	011	Fiadidiana ny Repoblika -Tsara Fitantanana	1 412 103	233 304	233 304	1 412 103
02	ANTENIMIERAN-DOHOLONA		10 427 110	859 767	859 767	10 427 110
	020	Antenimieran-doholona	873 862	61 500	61 500	873 862
	021	Antenimieran-doholona - Tsara Fitantanana -	9 553 248	798 267	798 267	9 553 248
03	ANTENIMIERAM-PIRENENA		14 885 202	345 000	345 000	14 885 202
	030	Antenimieram-pirenena	6 258 814	0	345 000	5 913 814
	031	Antenimieram-pirenena -Tsara Fitantanana	8 626 388	345 000	0	8 971 388
04	FITSARANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA		1 085 440	705 241	165 366	1 625 315
	040	Fitsarana Avo momba ny lalam-panorenana	102 000	0	23 000	79 000
	041	Fitsarana Avo momba ny lalam-panorenana-Tsara Fitantanana	983 440	705 241	142 366	1 546 315
05	GOVERNEMANTA		80 836 859	22 706 802	7 952 830	95 590 831
	050	Governemanta	70 292 280	21 487 000	5 747 775	86 031 505
	051	Governemanta -Tsara Fitantanana	10 544 579	1 219 802	2 205 055	9 559 326
Fitambarany			172 685 305	53 871 978	23 471 987	203 085 296

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity

- Hatramin'ny **2.156.024.118.000 ariary** ho enti-manan'ireo Ministera isan'anjara raharaha izany hoe :

Arivo Ariary

MINISTERA - ANJARA RAHARAHA			SORA-BOLA TANY AM- PIANDOHANA	FANOVANA		SORA-BOLA VAOVAO
				+	-	
11	MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY		60 643 936	1 566 862	3 896 356	58 314 442
		110Raraham-bahiny	11 365 170	818 476	2 890 168	9 293 478
		111Raraham-bahiny-Tsara Fitantanana	49 278 766	748 386	1 006 188	49 020 964
12	MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA		115 470 370	58 758 155	63 913 510	110 315 015
		120Fiarovam-pirenena	14 247 798	606 739	3 357 837	11 496 700
		121Fiarovam-pirenena-Tsara Fitantanana	94 242 961	58 144 298	59 103 827	93 283 432
		130Filaminana anatiny	6 979 611	7 118	1 451 846	5 534 883
14	Ministeran'ny Atitany sy ny Fanavaozana ny Fitondran-draharaham-panjakana		18 549 901	13 145 034	9 180 238	22 514 697
		140Fitantanana ny lafin-tany sy fanavaozana ny Fitondran-draharaham-panjakana	8 739 021	494 508	2 008 257	7 225 272
		141MIRA - Tsara Fitantanana	9 810 880	12 650 526	7 171 981	15 289 425
15	Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Filaminam-bahoaka		34 853 872	22 677 335	23 354 594	34 176 613
		150 Filaminanam-bahoaka	776 576	433 200	9 200	1 200 576
		151SESP - Tsara Fitantanana	34 077 296	22 244 135	23 345 394	32 976 037
16	MINISTERAN'NY FITSARANA		30 553 015	18 022 138	18 505 554	30 069 599
		160 Fitsarana	7 099 300	1 104 782	1 660 194	6 543 888
		161MINJUS - Tsara Fitantanana	23 453 715	16 917 356	16 845 360	23 525 711
17	Ministeran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany		78 416 466	32 068 594	5 106 692	105 378 368
		170Fitsinjaram-pahefana	45 264 953	393 692	1 013 335	44 645 310
		171MDAT - Tsara fitantanana	343 386	449 543	231 284	561 645
		620Fanajariana ny Tany	32 808 127	31 225 359	3 862 073	60 171 413
21	Ministeran' ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola		378 724 542	62 678 254	102 584 055	338 810 741
		210Fitantanam-bola	24 390 515	1 595 975	3 599 873	22 886 617

	211MEFB - Tsara fitantanana	223 453 039	55 143 891	63 571 942	215 024 988
	230Teti-bola	114 093 994	4 620 058	29 121 718	89 592 334
	250Toe-karena	16 786 994	1 318 330	6 290 522	11 814 802
32	Ministeran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy	5 898 359	739 514	1 584 613	5 053 260
	310Asa sy ny Lalàna Sosialy	271 240	16 000	115 411	171 829
	320Asam-panjakana	280 722	0	93 606	187 116
	321MINFOPTLS-Tsara Fitantanana	3 980 577	723 514	1 144 961	3 559 130
	330Fampiasana	1 365 820	0	230 635	1 135 185
34	Ministeran'ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra ary ny Fampandrosoana ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana	27 709 445	9 820 793	5 411 753	32 118 485
	280Sehatra tsy miankina	4 664 600	7 625 000	275 367	12 014 233
	340Indostria	5 091 500	0	839 150	4 252 350
	341MICDSP - Tsara Fitantanana	15 219 245	2 159 564	3 909 940	13 468 869
	360Varotra	2 734 100	36 229	387 296	2 383 033
41	Ministeran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono	124 989 569	70 430 935	25 960 191	169 460 313
	410Fambolena	72 978 033	53 423 008	10 098 722	116 302 319
	411MAEP - Tsara Fitantanana	37 632 757	14 225 087	11 168 896	40 688 948
	420Fiompiana	4 296 173	2 588 782	1 474 076	5 410 879
	430Jono	10 082 606	194 058	3 218 497	7 058 167
44	Ministeran'ny Tontolo lainana, ny Rano sy ny Ala	60 453 243	10 088 468	5 898 766	64 636 105
	440Tontolo lainana	56 884 029	7 960 000	3 619 143	61 224 886
	441MEEF - Tsara Fitantanana	3 569 214	2 128 468	2 279 623	3 411 219
51	Ministeran'ny angovo sy ny Harena an-kibon'ny tany	117 549 224	14 826 564	9 019 676	123 356 112
	510Angovo	55 021 513	947 713	3 020 000	52 949 226
	511MEM - Tsara Fitantanana	9 507 334	336 091	500 602	9 342 823
	520Rano sy ny Fanadiovana	39 367 537	1 079 990	4 494 578	35 952 949
	530Harena an-kibon'ny tany	13 652 840	12 462 770	1 004 496	25 111 114
61	Ministeran'ny Asa vaventy sy ny Fitaterana	419 766 325	100 086 407	63 027 609	456 825 123
	610Asa vaventy	330 094 964	63 508 367	41 844 420	351 758 911
	611MTPT - Tsara Fitantanana	11 333 921	6 535 710	7 287 818	10 581 813
	630Fitaterana	78 337 440	30 042 330	13 895 371	94 484 399
66	Ministeran'ny Fifandraisan-davitra, ny Paositra ary ny Fifandraisana	14 055 984	1 826 901	3 585 434	12 297 451
	370Fifandraisana	10 118 065	500 000	1 673 624	8 944 441
	660Fifandraisan-davitra	2 000 000	0	500 000	1 500 000
	661MTPC - Tsara Fitantanana	1 937 919	1 326 901	1 411 810	1 853 010
71	Ministeran'ny Fahasalamana sy ny Fandrindrana ny Fiainam-pianakaviana	164 610 276	39 150 844	35 973 049	167 788 071
	710Fahasalamana	45 459 325	241 220	5 829 984	39 870 561
	711MINSANPF - Tsara Fitantanana	118 185 599	38 909 624	30 087 649	127 007 574
	720Fandrindrana ny fainam-pianakaviana	965 352	0	55 416	909 936
76	Ministeran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny mpiara-belona ary ny Fialam-boly	9 248 953	1 425 197	3 653 533	7 020 617
	760Mponina	5 689 540	385 000	1 914 616	4 159 924
	761MPPSL -Tsara fitantanana	3 120 213	981 197	1 478 168	2 623 242
	770Fiahiana ny mpiara-belona	391 200	59 000	229 310	220 890
	790Fialam-boly	48 000	0	31 439	16 561
78	MINISTERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA	12 161 642	1 693 275	4 342 586	9 512 331
	750Tanora	1 452 826	0	346 960	1 105 866
	780Fanatanjahan-tena	6 255 002	185 015	1 846 328	4 593 689
	781MJS - Tsara fitantanana	4 453 814	1 508 260	2 149 298	3 812 776
81	MINISTERAN'NY FANABEZAM-PIRENENA SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA	449 046 595	94 024 695	139 658 183	403 413 107
	810Fanabeazana ambaratonga voalohany	169 379 247	9 794 136	41 449 557	137 723 826
	811MENRS - Tsara Fitantanana	207 389 354	83 751 824	87 114 993	204 026 185
	820Fanabeazana ambaratonga faharoa - ankapobeny	21 474 638	371 867	6 696 419	15 150 086
	830Fampianarana ara-kasa sy Teknika	3 890 357	44 997	1 600 055	2 335 299
	840Fampianarana ambaratonga ambony	40 014 948	37 181	1 976 112	38 076 017
	850Fikarohana Siantifika	6 898 051	24 690	821 047	6 101 694

86	MINISTERAN'NY KOLONTSAINA SY NY FIZAHAN-TANY	7 092 457	778 341	2 915 130	4 955 668
	350Fizahan-tany	1 966 300	0	929 087	1 037 213
	860Kolontsaina	1 439 397	0	656 609	782 788
	861MCT - Tsara Fitantanana	3 686 760	778 341	1 329 434	3 135 667
	Fitambarany	2 129 794 174	553 767 973	527 538 029	2 156 024 118

ANDININY FAHA-5

Araka ny fitsinjarana hita ao amin'ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity, ny andinindiny dia ekena ny fanoratana ny soritr'asa nomen-dàlana ao amin'ny Tetibola ankapobe 2006 izay mitentina **6.277.885.021.000 ariary** mba ho fandania ho amin'ny famokarana (Tahirim-bola anatin'ny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany).

ANDININY FAHA-6

Ny fetra faratampon'ny sorabola azo aloa araka ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity ao amin'ny Tetibola Ankapobe 2006 dia mitentina **1.359.969.021.000 ariary** mba ho fandania ho amin'ny famokarana (Tahirim-bola anatin'ny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany).

ANDININY FAHA-7

Ny vokatry azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandania azo ampiarina amin'ny Tetibola anankina an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra amin'ny taona 2006 dia novinavinaina ho toy izao :

FANONDROANA	SORA-BOLA TANY AM- PIANDOHANA	FANOVANA		Ariary SORA-BOLA VAOVAO
		+	-	
VOLA MIDITRA	2 400 000 000	1 663 525 000	0	4 063 525 000
- Vola miditra ho fampandehanan-draharaha	2 400 000 000	1 663 525 000	0	4 063 525 000
- Renivola miditra	0	0	0	0
FANDANIANA	2 400 000 000	1 663 525 000	0	4 063 525 000
- Fandania ho fampandehanan-draharaha	2 400 000 000	1 663 525 000	0	4 063 525 000
- Fandania-pampiasam-bola	0	0	0	0
.Alalana handraikitra	0	0	0	0
.Sora-bola fanefana	0	0	0	0

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

ANDININY FAHA-8

Ny vokatry azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandania azo ampiarina amin'ny Tetibola anankina an'ny Tranom-pirintim-pirenena amin'ny taona 2006 dia novinavinaina ho toy izao :

Ariary			
FANONDROANA	SORA-BOLA	FANOVANA	SORA-BOLA

	TANY AM- PIANDOHANA			VAOVAO
		+	-	
VOLA MIDITRA	6 060 000 000	944 500 000	0	7 004 500 000
- Vola miditra ho fampandehanan-draharaha	4 060 000 000	944 500 000	0	5 004 500 000
- Renivola miditra	2 000 000 000	0	0	2 000 000 000
FANDANIANA	6 060 000 000	944 000 000	0	7 004 500 000
- Fandaniana ho fampandehanan-draharaha	4 060 000 000	944 500 000	0	5 004 500 000
- Fandanim-pampiasam-bola	2 000 000 000	0	0	2 000 000 000
.Alalana handraikitra	2 000 000 000	0	0	2 000 000 000
.Sora-bola fanefana	2 000 000 000	0	0	2 000 000 000

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

ANDININY FAHA-9

Ny vokatra azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandaniazany azo ampiharina amin'ny Tetibola anankina an'ny Tobim-piarakodiam-panjakana amin'ny taona 2006 dia novinavinaina ho toy izao :

Ariary

FANONDROANA	SORA-BOLA TANY AM- PIANDOHANA	FANOVANA		SORA-BOLA VAOVAO
		+	-	
VOLA MIDITRA	2 328 906 535	0	0	2 328 906 535
- Vola miditra ho fampandehanan-draharaha	2 059 383 135	0	0	2 059 383 135
- Renivola miditra	269 523 400	0	0	269 523 400
FANDANIANA	2 328 906 535	0	0	2 328 906 535
- Fandaniana ho fampandehanan-draharaha	2 059 383 135	0	0	2 059 383 135
- Fandanim-pampiasam-bola	269 523 400	0	0	269 523 400
.Alalana handraikitra	269 523 400	0	0	269 523 400
.Sora-bola fanefana	269 523 400	0	0	269 523 400

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

ANDININY FAHA-10

Ny vokatra azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandaniazany azo ampiharina amin'ny Tetibola anankina an'ny Toby sy toeram-panamboarana ny fitaovan'ny Asa vaventy amin'ny taona 2006 dia novinavinaina ho toy izao :

Ariary

FANONDROANA	SORA-BOLA TANY AM- PIANDOHANA	FANOVANA		SORA-BOLA VAOVAO
		+	-	
VOLA MIDITRA	1 507 040 000	0	0	1 507 040 000
- Vola miditra ho fampandehanan-draharaha	1 493 240 000	0	0	1 493 240 000
- Renivola miditra	13 800 000	0	0	13 800 000

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

ANDININY FAHA-11

Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-Panjakana dia vinavinaina ho **167.420.901.000 ariary** amin'ny vola miditra ary ho **215.073.873.000 ariary** ho an'ny fandania araka ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity.

Ariary

FANONDROANA	SORA-BOLA TANY AM- PIANDOHANA	FANOVANA		SORA-BOLA VAOVAO
		+	-	
VOLA MIDITRA	167 420 901 000	0	0	167 420 901 000
- kaontim-bola nindramina	37 269 000 000	0	0	37 269 000 000
- Kaontim-barotra	130 151 901 000	0	0	130 151 901 000
VOLA MIVOAKA	201 894 179 000	13 592 500 000	412 806 000	215 073 873 000
- kaontim-bola nindramina	10 000 000 000	13 592 500 000		23 592 500 000
- Kaontim-pandraisana anjara	73 346 000 000	0	412 806 000	72 933 194 000
- Kaontim-barotra	118 548 179 000	0	0	118 548 179 000

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

ANDININY FAHA-12

Ny Ministry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola dia omen-dàlana amin'ny taona 2006 hanome vola mialoha, fampisamborana ary fandraisana anjara tsy mihoatra ny **96.525.694.000 ariary** araka ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity.

ANDININY FAHA-13

Ny fampiasana ny vola vidin'entana fanomezana avy any ivelany sy izay mitovy lenta amin'izany amin'ny taona 2006 dia vinavinaina ho **1.900.000.000 ariary** amin'ny fandania ary **14.200.000.000 ariary** eo amin'ny vola miditra.

ANDININY FAHA-14

Ny vinavina ny fampiasana ny trosam-panjakana dia noferana toy izao manaraka izao:

Miliara Ariary

- eo amin'ny vola miditra

4.030.348.587.000

- eo amin'ny fandania

3.723.056.701.000

ANDININY FAHA-15

Ny fifandanjana ankapoben' ny lalàna fanitsiana ny fitantanam-bola amin'ny taona 2006 dia ferana araka izao tabilao manaraka izao:

**FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY LALANA MIFEHY
NY LALANA FANITSIANA NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2006**

Arivo Ariary

FANONDROANA	VOLA MIVOAKA			VOLA MIDITRA		
	Lalàna Fototra 2006	Fanovanas + na -	Lalàna Fanitsiana 2006	Lalàna Fototra 2006	Fanovana + na -	Lalàna Fanitsiana 2006
FIZARANA I TETI-BOLA ANKAPOBE						
a. Lahasa fampandehanan-draharaha	1.313.679.479	-79.082.086	1.234.597.393	1.460.536.757	+375.763.243	1.836.300.000
b. Lahasam-pamokarana	1.262.684.000	+97.085.021	1.359.969.021	480.000.000	+6.327.500	486.327.500
FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANKAPOBE	2.576.363.479	+18.202.935	2594.566.414	1.940.536.757	+382.090.743	2.322.627.500
<i>Hanisisa fizarana I</i>				-635.826.722		-271.938.914
FIZARANA FAHA II TETIBOLA ANANKINA						
a. Lahasa fampandehanan-draharaha	10.012.623	+2.608.025	12.620.648	10.012.623	+2.608.025	12.620.648
b. Lahasam-pamokarana	2.283.323	0	2.283.323	2.283.323	0	2.283.323
FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANANKINA	12.295.946	+2.608.025	14.903.971	12.295.946	+2.608.025	14.903.971
<i>Hanisisa fizarana II</i>				0		0
FIZARANA FAHA III FAMPIASANA NY KAONTY MANOKANA NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA						
	201.894.179	+13.179.694	215.073.873	167.420.901	0	167.420.901
FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA III	201.894.179	+13.179.694	215.073.873	167.420.901	0	167.420.901
<i>Hanisisa fizarana III</i>				-34.473.278		-47.652.972
FIZARANA FAHA IV FAMPIASANA NY TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA FANOMEZANA AVY ANY IVELANY						
	1.900.000	0	1.900.000	15.100.000	-900.000	14.200.000
FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA IV	1.900.000	0	1.900.000	15.100.000	-900.000	14.200.000
<i>Hanisisa fizarana IV</i>				+13.200.000		+12.300.000
FIZARANA FAHA V FAMPIASANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA						
a.-Trosa anatin'ny fohy ezaka :						
. Fanadiovana/Fanangonana anatin'ny	27.800.000	+60 703 000	88.503.000	27.800.000	+20 000 000	47.800.000
. Taratasim-bolan'ny tahirim-bolam-panjakana	2.162.400.000	+887 369 792	3.049.769.792	2.202.000.000	+858 525 703	3.060.525.703
. Rafitry ny banky	95.200.000	-440 000	94.760.000	110.600.000	-320 000	110.280.000
. Samihafa	46.600.000	+23.000	46.623.000			
- Trosa ivelany fohy ezaka				184 850 000	-105 792 866	79 057 134
- Trosa ivelany akaiky sy lavitra ezaka	222.200.000	-108 638 077	113.561.923	399 650 000	+169 022 000	568 672 000

- Fanampiana avy any ivelany						
b. Sisa eo am-pelatanana azo etsehina		+4.301.786	4.301.786	77 900 000	-77.900.000	
. Famatsiam-bola manokana		+325.537.200	325.537.200	208 500 000	-44 486 250	164 013 750
FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA V	2.554.200.000	+1 168.856.701	3.723.056.701	3 211 300 000	+819.048.587	4 030.348.587
<i>Hanisisa fizarana V</i>				+657 100 000		+307 291 886
FITAMBARAMBENY	5.346.653.604	+1 202.847.355	6.549.500.959	5 346 653 604	+1 202.847.355	6.549.500.959

III FEPETRA MANOKANA

ANDININY FAHA-16

Nankatoavina ny didim-panjakana manova ny sora-bola ho fampandehanan-draharaha sy famokarana, noraisina nandritra ny taom-pampiharana teti-bola 2006, ho fanatanterahana ny andininy faha - 19 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha - 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

ANDININY FAHA-17

Nankatoavina ny didim-pitondrana laharana faha-10813/2006/MEFB/SG/DGDP/DB tamin'ny 27 jona 2006 mikasika ny fampitomboana ny sora-bola ho fampandehanan-draharaha sy ny vinavina amin'ny vola miditra ao amin'ny Teti-bola anankina an'ny Tranom-pirintim-pirenena, noraisina nandritra ny taom-pampiharana teti-bola 2006, ho fanatanterahana ny andininy faha-29 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha - 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

ANDININY FAHA-18

Nankatoavina ny didim-pitondrana laharana faha-12002/2006/MEFB/SG/DGDP/DB tamin'ny 11 jolay 2006 mikasika ny fampitomboana ny sora-bola ho fampandehanan-draharaha sy ny vinavina amin'ny vola miditra ao amin'ny Teti-bola anankina an'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra, noraisina nandritra ny taom-pampiharana teti-bola 2006, ho fanatanterahana ny andininy faha-29 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha - 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

ANDININY FAHA-19

Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao. Ho tanterahina izany fa Lalam-panjakana.

Antananarivo, faha -

NY FILOHAN 'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY SEKRETERA,

Samuel MAHAFARITSY Razakanirina

